TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA FAHA 4

Firenena: Madagasikara

Koaminina: ANTSAHAMPANO

Daty: 17-18-19 Febroary 2015

Toerana: Birao ny Kaominina ANTSAHAMPANO

FANAMAFISAN'NY BEN'NY TANANA SY FANOMEZAN-DANJA NY MIRALENTA EO AM-PAMARANANA MIARAKA AMIN'NY MPIOFANA SY MPAMPIOFANA

FIZAHAN-TAKILA

Fanolorana 03

Tantara.....04

Fizotry ny Atrikasa 05

Fahatrarana ny tanjona.....11

Ireo fanamby 12

TOVANA

A – Fandaharam-potoana 13

B – Lisitry ny mpandray anjara.....15

D – Fintin'ny tomban'ny atrikasa.....17

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambanivohitr' Antsahampano ny 17 -18 -19 Febroary 2015 , tao amin'ny biraon'ny kaominina. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna sy ny Mpamboly.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina.
Lohahevitra dimy mazava no nohalalinina nandritrany telo andro:
-Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, nampisongadininana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny fampahafantarana ny atao hoe fiheverana raiki-tapisaka.
- Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana , nikarohana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy miditra, tsy mandray anjara amin'ny sehatra pôlitika ka tsy mahazo fahefana manova.
- Lohahevitra fahatelo: fandravonana ny ady sy disadisa dia nojerena ny trangana disadisam-piarahamonina mpiseho ato anatin'ny Kaominina mba hanamora ny fikarohana ny paikady entina handravonana azy.
- Lohahevitra fahaefatra: ny hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta izay nampisehoana ny filana fototra andavan'andro sy filana maharitra mila paikady hoan'ny mponina.
- Lohahevitra fahadimy: ny Miralenta sy fiharikariana dia ny fampatsiahivana ny hamaroan'ny andraikitra ny vehivavy indray miaraka ao an-tokatrano izay tsy misy lanjany eo amin'ny fiaraha-monina .
- Lohahevitra faha enina : Fampandrosoana ny toekarena ifotony
Natao mba hampahefana ny vehivavy amin'ny asa fandraharahana ka hisy fampidiram-bola amin'ny tokatrano ;
-Lohahevitra fahafito : Fovan'ny toetrandro sy Fampandrosoana maharitra ,fampahafantarana ny tranga sy ny antony ary ny vahaolana azo raisina hiatrehana ny vokadratsiny ;
-Lohahevitra fahafito : herisetra izay mahazo ny ankamaroan'ny vehivavy eran-tany

Tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ireo rehetra nasaina ary hita taratra teny amin'ny endrik'izireo fa olona lianjava-baovao avy ireo olona ireo satria nahafoy fotoana mihintsy izireo na dia efa mipetraka lavitra be aza ; hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra misy ao an-toerana (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Porofon'izany nyvalin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDERLINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo tompon'andraikitra vitsivitsy eo amin'ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa ben'ny tanàna TADAHY Lucien noho ny nisafidinan'izy ireo manokana ny Kaominina ANTSAHAMPANO. Manaraka izany dia samy naniry ny hitohizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarin'ny mpampiofana avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritra ny telo andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin'izany.Nararaotina koa ny nampahafantarana ireo dingana folo tsy maintsy tontosaina amin'ny hatongavana ho Kaominina Ivon-toerana mendrika amin'ny fametrahana ny Miralenta .

Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa. Nentina hisarihana ny sain'ny mpandray anjara dia nijery horonan-tsary iray momba io fifanarahana io ny mpandray anjara rehetra.

Nampahafantarina ny mpizaika manarak'izany ireo fitaovana iraisam-pirenena , nasionaly ary ny faritra atsimo ny Afrika mikasika ny faampiharana ny Miralenta ka nanaovan'ny Firenen-tsika sonia ;

Lohahevitra voalohany : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta

Notohizana tamin'ny fanavahana ny miralenta sy toetra maha lahy na maha vavy kosa ny fotoana avy eo ka nampandraisana anjara tamin'ny alalan'ny fampiasana Cartonnette ny mpizaika.

Rehefa nazava tamin'ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoroan'ny miralenta dia nojerena akaiky ireo fiheverana raiki-tapisaka izay matetika miteraka fitongilanana eo amin'ny Lahy sy Vavy eny anivon'ny fiaraha-monina .

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tapisaka ny fomba amam-panao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny fampiharana ka namoahana ireo tonon-kira, fomba fitenenanana, ohabolana ary ny fomba amam-panao izay hita fa manome vahana ny raiki-tapisaka. Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanakinana ny anjara asa rehetra momba ny tokantrano toy asa ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy

nateraka, sns fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny firaha-monina Malagasy ny lehilahy sy ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "Ny vola maha rangahy" sy ny hoe "Viavy sandrifin'ny tokatrano".

Asan-tarika

Lohahevitra faharoa : Miralenta sy Fitondram-panjakana

Nandritra ny lohahevitra faharoa kosa dia nodinihana bebe kokoa ireo sakana ny Vehivavy eo amin'ny Fidirana – Fandraisana anjara – Fanovana eo amin'ny Fitondram-panjakana .

Hita fa nandray anjara mavitrika avokoa ireo mpandray anjara na teo amin'ny asa isan-tarika na teo amin'ny fifanakaloza-kevitra.

Ireto ny tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozana :

FIDIRANA

-Tahotra

-Tsy fahalalana

-Tsy manam-potoana

-Farahin'ny vady

- Henatra

-Tsy manam-bola na enti-manana

FANDRAISANA ANJARA

-Ny tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.

-Ny tsy fahampian'ny fanofanana sy fahaizana.

-Havitsin'ny vehivavy hita eo amin'ny sehatra politika.

-Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony.

-Tsy fahampian'ny fotoana

FANOVANA

- Tsy manana traikefa amin'ny fahaiza-mitarika
- Tsy mahay mampiasa fahefana am-pelatanana
- Fanaovana kolikoly
- Tsy tia karokaroka
- Voa tsindry hazo lena

Vaha-olana natolotra

- Fampirisihana ny tovovavy handrato fianarana
- Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona iray.
- Fanofanana ny vehivavy amin'ny fitanatanana sy fahaiza-mitarika
- Fidinana an-tsehatra, eny anivon'ny fokontany sy kaominina ambanivohitra.
- Mila mahazo fahefana izay vao afaka manova

Lohahevitra fahatelo: Fandravonana ady sy disadisa

Natomboka tamin'ny famaritana izay nifanarahan'ny mpizaika arak any fahafantarany ny atao hoe ady sy disadisa dia :" Tsy fifanarahana misy eo amin'ny olona roan a maromaro izay mifanohitohina tombotsoa ny andaniny sy ny ankilany ka mety hiteraka herisetra raha tsy voa lamina ". Rehefa avy eo dia nofantarina ireo karazana mpiseho matetika ato amin'ny Kaominina Antsahampano ka ireto avy : ady lova toy ny tany ,trano matetika miseho amin'ny mpianadahy izay nanaovana seho sehatra ny fandravonana azy niaraka tamin'ny mpizaika .

Nampatsiahivina teto fa adidin'ny tompon'andraikitra rehetra ny manatontosa ny fandravonana ady sy disadisa fa indrindra ny Mpanolotsaina Kaominaly , ka nasongadina tamin'izay ireo singa fototra iankinana amin'ny fahombiazan'izany :

- Fampahafantarana ny fototra ny ady

- Fifaneraserana amin'ireo mpanadrina roa tonta
- Fitsinjovana ny tombontsoan'izireo
- Tsy fitanilanana amin'ny andaniny sy ny ankilany
- Fitondrana hevitra na fomba vaovao hamahana olana .

Lohahevitra fahaefatra : Fotokevitra sy politika miompana amin'ny Miralenta

Nokarohana ireo filan'ny mponina eo amin'ny Kaominin' Antsahampano manokana. Talohan'izany dia nampahafantarina tamin'ireo mpandray anjara ny famaritana ny atao filana fototra andavan'andro sy filana maharitra mila paikady :

Ireo filana fototra andavan'andro ao amin'ny Kaominina ANTSAHAMPANO

- Foto-drafitrasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy fanabeazana
- Fandriam-pahalemana
- Serasera
- Rano fisotro madio
- Lalana sy tetezana

Ireo filana maharitra mila paikady ao amin'ny Kaominina ANTSAHAMPANO

- Fahaizana mitantana ny zava-bita
- Fitadiavana lalam-barotra
- Fiofanana amin'ny fambolena sy fiompiana
- Fahaizana mitantana varotra

Lohahevitra faha dimy : Ny miralenta sy ny fiharin-karena

sarintsarin'ny asa sahanin'ny vehivavy isan'andro ao an-tokatrano

Nanaovana ny jery todika ireo asa maro ataon'ny vehivavy isan'andro nefa tsy andraisan-karama ka tsinotsinoavin'ny fiarahamonina ny lanjany .

Natao ny ady hevitra mikasika ny "Ny lainga filazan'ny olona" ao Torolalana pejy faha 101 ,dia hita fa na ireo vehivavy aza mbola mihevitra fa tsy miasa izireo na dia efa mitanisa asa maro ataony **;**

Lohahevitra fahaenina : Fampandrosoana ny toe-karena ifotony

Natao ny Famaritana sy ny tanjona ho tratrarina amin'izany ,dia hita soritra ny tsy fahampian' ny enti-manana ho an'ireo vehivavy amin'ny sehatra rehetra hanatanterahana ny famoronana asa mampidi-bola ;

Ireto ny vokatrin'ny adihevitra natao niaraka tamin'ny mpizaika :

Sakana amin'ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy :

-Tsy ampy ny enti-manana sy fahaiza-manao

-Tsy ampy an'isa ny vehivavy amin'ny fitondrana

-Tsy manam-potoana noho ny asa mivangongo aminy ao an-tokatrano

-Maro ny vehivavy tsy mahay mamaky teny sy manoratra

- Tsy matoky ny vehivavy ny mpampindram-bola satria tsy manana antoka

Vahaolana naroson'ny Kaominina dia fitadiavana mpiara-miombon'antoka , hafaka mamaly ny filana mifandraika amin'ny fampandraisan'anjara ny vehivavy amin'ny fampivoarana ny loharanom-bola eo an-toerana

Lohahevitra fahafito : Fiovan'ny toetrandro sy Fampandrosoana maharitra

Nojerena niaraka tamin'ny mpizaika ny famaritana ny fiovan'ny toe-trandro ka tsapa fa avy amin'ny asan'ny olombelona andvan'andro ihany no manimba ny tontolo iainana izay mihamahazo vahana hatrany ;

Ny fampandrosoana maharitra kosa dia afaka mamaly ny filan'ny olona amin'izao fotoana izao no sady miantoka ny filan'ny taranaka fara mandimby ;

Ireo trangana fiovan'ny toetrandro hita ato amin'ny Kaominina :

Hafanana be, tsyampy ny orana,mihena ny vokatra , mitombo ny valan'aretina nampahazo ny biby na ny olombelona ,ritra ny loharano ,fiakaran'ny ranomasina ;

Ny antony mahatonga ireny dia ny fandripahana ala amin'ny fanaovana charbon, Tavy,fakana hazo tsy ara-dalana ,

Ny vahaolana hiatrehana izany kosa dia ny fanentanana ny mponina amin'ny fampahafantarana ny ato hoe fiovan'ny toetrandro,ny fandraisana anjara ny rehetra amin'ny ady atao amin'ny dorotanety , fambolena hazo ,fananganana komity miaro ny tontolo iainana .

Lohahevitra fahavalo : HERISETRA

Maro ny toerana ahitana ahitana ny herisetra mahazo ny vehivavy toy ny an-tokatrano,am-pianarana ,fiaraha-monina,fianakaviana, fomba amam-panao ,amin'ny fotoanan'ny ady sy voina vaojanahary miteraka ny traboina ;

Maro torak'izany ny karazana herisetra amin'ireny toerana voalaza etsy ambony :

-Ara- batana toy ny kapoka ,fandratrana ,fampijaliana, fampiasana zaza tsy ampy taona

-Ara-tsaina dia ny teny ratsy, tihitihy , fisarahana

-Ara-nofo ireny fanolanana, fanampanambadianana zaza tsy ampy taona , fiterahana tsy voarindra ;

FAHATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampihatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray anjara ka vonona hanaparitaka izany fiofanana izany rehefa samy mody any amin'ny toerana misy azy avy.

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaominina
- Famporisihana ny vehivavy hiditira amin'ny Fitondram-panjakana ,mba hitondra fanovana
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana ny toekarena ifotony

FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVON- TOERANA MENDRIKA
Firenena: Madagasikara
Kaominina: ANTSAHAMPANO
Toerana: Salle CR ANTSAHAMPANO
Daty: 17-18 - 19 Febroary 2015

Ora	ANDRO	Iza(Tompon'andra ikitra)
Andro voalohany 17 FEBROARY 2015		
08 h 30 – 09 h 00	Fandraisana	Mpampiofana
09 h 00 – 09 h 30	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Maire / GL
09h 30 – 09 h 45	**Pause café**	
09 h 45 - 11 h 00	Fampahafantarana ny ireo dingana arahina @ ivon-toerana mendrika hametrahana ny Miralenta	AMINA
11 h 00 - 12 h 30	Fampahafantarana ny FAA	ELYSA
12 h 30 – 14 h 00	**Sakafo**	
14 h 00 – 15 h 00	Hevitra iompanan' ny Miralenta; GENRE ET SEXE	AMINA
15 h 00 –16 h 00	STEREOTYPE	ELYSA
Andro faharoa 18 FEBROARY 2015		
08h 30- 10h	Ny Miralenta sy fitondram-panjakana	AMINA
10h- 10h15	**Pause café**	
10h15- 12h 30	Fandravonana ady sy disadisa	ELYSA
12h30 -14h 00	**Sakafo**	
14h 00 -16h00	Fotokevitra sy politika miompana amin'ny Miralenta	AMINA

Andro fahatelo: 19 Febroary 2015		
8h 30 – 09 h 30	Ny miralenta sy ny fiharin-karena	Amina
09h30 – 10h 00	Fampandrosoana toe-karena ifotony	ELYSA
10h 00 – 10 h15	**Pause café**	
10h 15 – 11h 30	Ny Miralenta sy ny Fiovaovan'ny toetrandro	Ny rehetra
11h 30 - 12h30	HERISETRA	Mpampiofana
12h30-14h 30	**Sakafo**	
14h 30 16h 30	Fanomanana ny fandraisana anjara amin'ny fanentanana vahoaka Tombana	Ny rehetra
Andro faha efatra : 20 Febroary 2015		
8h 00 - 12h 00	Fanentanana eo amin'ny fivoriambem-pokonolona	Ny rehetra

Stage 4
Country: MADAGASCAR
Kaominina ANTSAHAMPANO
Toerana: Biraon'ny kaominina
Date: 17-18-19 Febroary 2015
FICHE DE PRESENCE

N°	ANARANA SY FANAMPINY	SEXE	TOERANA HIANDREKETANA	ANDRAIKITRA	TEL	E mail
01	TADAHY Lucien	L	Antsahampano	Maire	032 04 407 52	
02	Jennot	L	Antsahampano	Delegué FKT	032 21 563 55	
03	Soamisy	V	ANKETRABE II	Mpamboly	032 74 222 68	
04	Tovana	L	Mahaleja	Mpamboly	03251 287 65	
05	R henriette	V	Ambodimadiro	Fikambanana	032 50 116 07	
06	Philogence Jaovoavy	L	Antsahampano	Mpampianantra	-	
07	Velotombo Sabotsilahy	L	Antsahampano	Mpamboly	032 46 575 06	
08	Nathalie Manorosoa Jean	V	Mahaleja	AC	032 02 936 37	
09	SOAVITA	V	Ambararatahely	FIK	032 48 134 16	
10	Natache Feno Lidia	V	Antsahampano	mpamboly	032 38 945 14	
11	Modestine Bentsiranana	V	Antsahampano	mpamboly	032 73 280 35	
12	Francoise	L	Antsahampano	mpamboly	032 61 862 38	
13	ANDRIANATANA Eric	L	Andranotsimaty	AC		
14	SOLIA Francois	L	Antsahampano	mpamboly		
15	PHILEMON Jean	L	Anketrabe II	MPAMBOLY	032 49 025 82	
16	Jean	L	Antsahampano	Mpamboly		
17	Mélanie Liza Kalozafy	V	Andranotsimaty	DIR ECOLE	032 40 093 84	
18	RAZANAMALALA Henriette	V	Ambararatahely	DIRECOLE	032 11 063 86	
19	Florentine	V	Andranotsimaty	Mpamboly		
20	RAZAFY Mia Félicité	V	Antsahampano	Mpamboly	032 27 432 31	
21	RAKOTOMANDIMBY Ernest	L	Antsahampano	Police communale		
22	SOARIZIKY Béatrice	V	Fik Antsahampano	Mpamboly		
23	MARA Bernard	L	Antsahampano	Agent de maintenance		

24	Tsimbanda Ralaivazaha	L	Antsahampano	Mpamboly		
25	RASAONA Daniel	L	Ambaliha	Mpamboly	032 81 372 18	
26	RADAZA Havana Elysa	V	Facilitatrice	Facilitatrice	032 58 132 84	
27	AMINA	V	Facilitatrice	Facilitatrice	032 20 261 65	

Lahy	**14**	**56%**
Vavy	**11**	**44%**
Totaly	**25**	**100%**

TOVANA C: TOMBAN'NY ATRIKASA

Firenena	MADAGASIKARA					
Sexe	Male 14 Female 13					
Faritra	Antsahampano					
Kaominina	Antsahampano					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30☐ 7	31- 40 9	41 – 50 5	51 – 60 3	60 + 1
Fianarana	Ambaratonga voalohany	Ambaratonga faharoa 9	Oniversite 6	Fanofanana ara-kasa1	Fampianarana olon-dehibe	

TOMBANA	**NAOTY/10**
1. FIZOTRY NY FANDAHARAM-POTOANA	9
2. NY VOTOATINY	9.48
3. TAHIRIN-KEVITRA	9.16
4. FOMBA FAMPITAN-KEVITRA AVY AMIN'NY TOMPON'ANDRAIKITRA	9.64
5. ASA ISAM-BAOMIERA	9.1
6. VOKATRA TSARA	8.86
7. VOKATRA TRATRA MIOATRA AMIN'NY TANJONA NAPETRAKA	8.6
8. FAHALALANA AZO	8.92
9. TOMBOTSOA AMIN'NY FIVELARANA	9.24
10. FANDAMINANA ANKAPOBENY (Toerana, sakafo, sns)	9.24

FANAMARIHANA

1. *Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?*

- Ny fandaminam-potoana sy ny fifanakalozan-kevitra ary ny fazahoan'ny olona ny lesona no tena nahafinaritra.
- Nazahoana fampianarana tsara ny miralenta ka nampitombo fahalalana.
- Tsara fandraisana ny mpiofana
- Ny fanazavana sy ny fazahoana fahalalana
- Ny raiki-tapisaka sy ny herisetran'ny fifandrafisana
- Ny fahasamihafana voajanahary
- Tiako jiaby
- Ady sy disadisa ary herisetra
- Ny raiki-tapisaka satria nahafantarako ny fomba amam-panao sy ny voajanahary
- Mety amiko jiaby ny fandaharana rehetra
- Ny fahazavan'ny fandaharana rehetramba hahaizako miaina
- Ny miralenta no tena tiako satria manamaivana ny fiainana; mampiova ny to-tsaina na ara-batana, na ara-pitondran-tena eny fa na ao antoka-trano sy ny ara-piaraha-monina.
- Tiako satria fandaminana mikasika ny miralenta
- Fampandrosoana ara-toe-karena mba hampandroso ny Kaominina

- Ny sakafo no tena nahafinartra ahy ary voky tsara
- Ny fisian'ny miralenta dia tsy miteraka ditra eo amin'ny lahy sy vavy.

2- Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?

- Ny herisetra
- Ny raiki-tapisaka satria nofoanana

3- Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?

- Amin'ny alalan'ny fanentanana ny faritra misy zaho , ary entanina amin'ny alalan'ny megaphone
- Fampiharana izany amin'ny fiainana andavan'andro
- Fanentanana eo anivon'ny fiaraha-monina, mpiasa ary ny fikambanana
- Famelabelarana eo anivon'ny vahoaka ny atao hoe "miralenta"
- Ny fiovam-pihetsika sy famindra eo anivon'ny fiaraha-monina sy ao atoka-trano mba ho modely alain'ny hafa tahaka, izany hoe mampihatra avy hatrany ny tenako; ary vonona hanambara sy hanentana ny vahoaka
- Ny fampiharako ny traik'efa notovoziko.

Fanamarihana hafa?

- Fangatahana ny hitohizan'ny fiofanana mba hazahoana fahalalana bebe kokoa
- Niezaka ny mpampiofana
- Mila fanentanana matetitetika ny vahoaka
- Fisaorana ny mpampiofana
- Mila boky mahakasika ny miralenta mba hanalana ny fanadinoana